# Andro Fiaraha-Mivavaka

## *Manangana Indray Ny Alitara*:

## *Mivavaka Mba Ho Tia Ny Teny,*
## *Hiaina Ny Teny,*
## *Ary Hizara Ny Teny*

**Boky Tari-dàlana**
**Telovolana faha-2  Taona  2023**
**Sabata, 01 Aprily 2023**

*Nosoratan'i Melody Mason*

# Fanasana Hivavaka

Manasa anao sy ny fiangonanao izahay mba hiaraka aminay amin'ity Andro Fiaraha-mivavaka Telovolana Faharoa ity.

Ho voamarikao fa ity tari-dàlana ity dia fohy kokoa noho ny mahazatra. Manomboka izao, mandritra ny taona 2023 sy ny manaraka, dia hanolotra tari-dàlana voafintina izahay, miaraka amin’ny loha-hevitra, ny tanjona, ny zavatra ifantohan’ny vavaka, ary hevitra fohifohy momba ny fandaharam-potoana.

Aza misalasala ny hamorona araka izay hitarihan'ny Fanahy Masina anao rehefa mamolavola drafitra ho an'ity andro fiaraha-mivavaka ity ianao. Ataovy izay hananananao fotoana betsaka hivavahana miaraka amin'ny fianakaviamben'ny fiangonana. Toy izao no ambaran’ny teny avy amin’ny tsindrimandry amintsika : "Ny fivavahana bebe kokoa sy ny firesahana kely kokoa no irin'Andriamanitra, izay hahatonga ny vahoakany ho tilikambon-kery " *(GCB, 1 Jan. 1900, paragraphe 4*)

Na dia fototra iorenan'ny fiainana ara-panahy aza ny vavaka ataon’ny tena manokana, dia tsy misy zavatra mitovy amin'ny herin'ny vavaka iombonana!

> "Ampirisihina isika hivavaka mba hahita fahombiazana, miaraka amin'ny fanomezan-toky avy amin'Andriamanitra fa ho henoina sy ho valiana ny vavaka ataontsika . . . . . Ny teny fikasana [ao amin'ny Matio 18:19-20] dia ho tanteraka raha asandratra ny vavaka iombonan'ny fiangonana, ary ho valin' ireo vavaka ireo dia azo antenaina ny hisian'ny hery lehibe kokoa noho izay tonga ho valin'ny vavaka ataon'ny tena manokana. Ny hery dia homena mifanaraka amin’ny firaisan’ny mambra sy ny fitiavan’izy ireo an’Andriamanitra sy izy samy izy” - (*Manuscript Releases, vol. 9, p. 303, Letter 32, 1903, p. 5)*

Tsarovy fa amin'ny maha-fianakaviamben’ny fiangonana antsika, " Ny fianakaviana izay miara-mivavaka dia miara-mitoetra."

## Soso-kevitra Momba Ny Loha-hevitra
## Sy Ny Fandaharam-potoana Ho An'ny Vavaka

**Loha-hevitra** ; Manorina indray ny Alitara: Mivavaka mba ho tia ny Teny, Hiaina ny Teny, ary Hizara ny Teny!

Ho an'ny taona 2023, ny loha-hevitsika dia manao hoe "Manorina indray ny Alitara". Raha lazaina amin'ny teny hafa dia hanorina indray ny alitaram-bavaka miaraka amin'Andriamanitra. Ao amin'ny 1 Mpanjaka 18:30 isika dia mamaky hoe:

> "Ary hoy Elia tamin'ny olona rehetra: 'Manatòna Ahy.' Dia nanatona azy ny olona. Ary Elia namboatra ny alitaran'i Jehovah izay efa rava."

Manana alitara rava maro izay mila aorina indray isika. Ny anankiray amin'ny alitara rava izay mila amboarina dia ny fomba fanajantsika ny Tenin'Andriamanitra, ka izany no foto-kevitra amin'ity Andro Fiaraha-mivavaka amin'ny Telovona faha-2 ity .

**Tanjona**: Ny tanjona mandritra ity andro manokana fiaraha-mivavaka ity dia ny hahatonga ny mpandray anjara rehetra haniry hanorina indray ny alitaram-bavaka amin'ny fomba hanomezan'izy ireo voninahitra an'Andriamanitra sy ny Teniny.

Mivavaka isika mba ho raiki-pitia amin'ny Tenin'Andriamanitra mamelombelona izy ireo (ny fitiavana dia fivavahana), mba haniry hiaina mifanaraka amin'izany (maneho fivavahana ny fankatoavana), ary mba haniry ny hizara izany amin'ny hafa (ny fizarana dia miantso ny hafa hivavaka).

**Sabata Maraina**: Manoro hevitra anao izahay mba hamolavola ny fandaharam-potoana manontolo amin'ny Sabata hifototra amin'ilay loha-hevitra eo ambony, amin'ny fifantenana ny hira, ny tantaran'ny ankizy, ny zavatra ifantohan'ny toriteny, ny fanontaniana ho entina mandalina, ny fijoroana ho vavolombelona ataon'ny tena manokana sy ny fanasana hivavaka.

Mety hanampy ireto andalan-tSoratra Masina manaraka ireto!

> 1 Mpanjaka 18:30, Deot. 6:5-9,
> Jaona 1:14, Heb. 4:12, Apok. 19:13,
> Mat. 4:4, Jak. 1:22, Jaona 14:23,
> 1 Jaona 2:5, Isaia 43:10,12, 1 Pet. 3:15,
> Marka 5:19, Asan'ny Apôstôly 1:8, 2 Tim. 2:2

## **Fandaharam-potoanan’ny Vavaka amin'ny Tolakandro**:

Afaka mihaona/mivory eny ivelany na ao anaty trano, araka izay tena mampahazo aina anareo sy ny toerana misy anareo, ary tsy dia misy zavatra hahavarimbariana indrindra rehefa mivavaka. Raha tsy azo atao ny mivory mivantana dia diniho ny fihaonana amin'ny alalan’ny Zoom na ny telefaonina. Mampirisika izahay mba handaniana 2-6 ora ho an'ity fandaharam-potoana tolakandro ity araka ny drafitra eto ambany miaraka amin’ny asa fanampiny atao amin'ny vavaka araka izay itarihan’ny Fanahy Masina.

Fitsinjarana ny fotoana ho an'ny fandaharam-potoana amin'ny tolakandro:

- **Fotoana fiderana** Hira iombonana (15-30 minitra)
- **Fandinihan-tena** Fotoana izaràna ny teny mba hifantohana amin’ ny vavaka (10-15 mins)
- **Fotoam-bavaka** Vavaka iombonana (15 – 30 minitra)
- **Fiaiken-keloka** Manokana/vondrona kely/na vavaka iombonana (15 – 30 minitra)
- **Fitalahoana** Vavaka iombonana (30 minitra – adiny 2)
- **Faribolan’ny fitahiana(***) Vavaka iombonana (1 – 3 ora)
- **Fisaorana famaranana** Vavaka iombonana (10 – 15 minitra)
- **Fijoroana ho vavolombelona famaranana** Fitantarana fohy 1-2 minitra (30 minitra – 1 ora)
- **Fiaraha-misakafo *agape*** Miaraha-mifaly amin’ny sakafom-pinamanana mba hamaranana ny Sabata (1-3 ora)

(*) **Faribolan’ny Fitahiana**: Mifandimby miditra ao anatin'ny faribolan'ny vavaka ireo mambra mba hizara fohifohy ny zavatra ilainy ara-panahy; aoka hisy olona 2-3 hivavaka ho azy ireo raha manodidina azy ireo ny vondrona iray manontolo.
Rehefa izany dia miditra ao anatin'ilay faribolana ny olona manaraka maniry hanaovana vavaka manokana. Mety haharitra ora maromaro

izany ary handrava ireo sakantsakana, sy hampifamatotra am-po ny mambra rehefa mizara ny zavatra ilain'izy ireo manokana izy ireo.

**Mivavaka araka ny Teny ifantohan'ny Vavaka** : Mivavaha araka ny Teny rehefa mivavaka ianareo ny tolakandro. Ataovy ho an'ny tena manokana sy azo ampiharina! Avelao ny Fanahy Masina hiteny sy hikatsaka ny fo. Ireto misy andalan-tSoratra Masinaentina hanombohana:

- **Mivavaha araka ny Teny amin'ny Fiderana**: Mivavaha araka ny Salamo 34, 96, 99, na 100. Ataovy ho anao ny Salamo!

- **Mivavaha araka ny Salamo 119**, ary raiso an-tsoratra manokana izay misy hoe "Teny".

- **Mivavaha araka ny Teny amim-piaiken-keloka**: Miaraha-mivavaka araka ny Salamo 51. Mivavaha amin'ny alalan'ny Apok. 3:14-22, ny antso ho an'i Laodikia. Mivavaha amin'ny alalan'ny 2 Tantara 7:14 sy ny Joela 2.

- **Mivavaha araka ny Teny amim-pitalahoana**: Mivavaha amin'ny alalan'ny Salamo 23 na 91. Mivavaha araka izay Soratra Masina hafa entin' Andriamanitra ao an-tsainao.

- **Mivavaha araka ny Teny amim-pinoana**: Mivavaha amin'ny alalan'ny Salamo 46 sy ny Efes.3 rehefa manolotra ny fangatahanao amin' Andriamanitra ianao.

- **Mivavaha araka ny Teny ho an'ny tokantranonao sy ny zanakao**: Mivavaha araka ny Deot. 30:6, Isaia 44:3, Jer. 24:7, Lioka 1:17, Isa. 49:25

- **Mivavaha mba ho tia ny Tenin'Andriamanitra**: Mivavaha amin'ny alalan'ny 1 Mpanjaka 18:30, Deot. 6:5-9, Jn. 1:14, Heb. 4:12, 19:13, Mat. 4:4, Jak. 1:22, Jao. 14:23, 1 Jao. 2:5, Isa. 43:10,12, 1 Pet. 3:15, Marka 5:19, Asan'ny Apôstôly1:8, sy 2 Tim. 2:2

Amin'ny fiafaran'ny Andro Fiaraha-mivavaka dia ampirisiho ny mambra mba handray anjara amin'ny 'Vavaka Iombonana 24/7' ao amin'ny aterneto amin'ny fiteny maro maro samihafa.

# Teny Fikasana Mahery Vaika!

**Teny Fikasan'ny Baiboly sy Fisaintsainana avy amin'ny Fanahin'ny Faminaniana** (ho an'ny Andro Fiaraha-mivavaka sy Fifadian-kanina isan-telovolana na ho an'ny andro fiaraha-mivavaka rehetra)

"Fa na firy na firy ny teny fikasan'Andriamanitra dia ao aminy ny Eny, ary amin'ny alalany koa ny 'Amena', ho voninahitr'Andriamanitra amin'ny ataonay" (2 Kor. 1:20).

"Fikiro ny teny fikasany  toy ny ravin'ny hazon'aina: 'Izay manatona Ahy dia tsy mba ho laviko mihitsy.' Jaona 6:37. Rehefa manatona Azy ianao dia minoa fa manaiky anao Izy, satria efa nampanantena izany. Tsy  ho very na oviana na oviana ianao rehefa manao izany " (*Tanamasoandron'ny Fahasalamana, p. 44).*

"Tsy manana ianareo satria tsy mangataka" (Jakoba 4:2).

"Mandraka ankehitriny dia tsy mbola nangataka na inona na inona tamin'ny anarako ianareo. Mangataha, dia hahazo ianareo, mba ho tanteraka ny fifalianareo" (Jaona 16:24).

"Isan'ny soritr'asan'Andriamanitra ny hanome antsika, ho valin'ny vavaky ny finoana, izay tsy natolony raha tsy  angatahintsika" *(Hery Mifanandrina, 546*).

"Raha MIRAY Amiko ianareo, ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany" (Jaona 15:7).

"Raha maniry ny hahafantatra sy hanao ny sitrapon'Andriamanitra isika dia antsika ny teny fikasany" *(From Heaven With Love, p. 166*).

"Raha amin'ny olona dia zavatra tsy hainy izany, fa tsy mba tahaka izany amin'Andriamanitra; fa ny ZAVATRA REHETRA dia hain'Andriamanitra " (Marka 10:27).

" Tsy afaka manakana ny asan' Ilay Manana ny hery rehetra ireo zavatra tsy hain' ny nofo » ( *Ilay Fitiavana Mandresy, 570*).

« Koa mifaneke heloka  ianareo,  ary mifampivavaha  mba ho sitrana ianareo. Ny fiasan'ny fivavaky ny marina dia mahery indrindra" (Jakoba 5:16)

"Ny antso ataon'ny olona masina  manetry tena indrindra dia  atahoran'i Satana be lavitra noho ny didy avoakan'ny kabinetra na ny didin'ny mpanjaka" *(In Heavenly Places, p. 82).*

"Sambatra izay tsy nahita nefa mino" (Jaona 20:29).

"Tsy misy atahorana ny amin'ny hoe hanaovan'ny  Tompo an-tsirambina ireo fivavahana ataon'ny vahoakany. Ny atahorana dia sao  ny fakam-panahy sy ny fitsapana hahakivy azy ireo, ka ho diso tsy haharitra amin'ny fivavahana izy" (*Henoinareo ny Fanoharana, 147*).

"Fa ny mason'ny Tompo mijery eny tontolo eny eran'ny tany rehetra mba hisehoany aman-kery hamonjy izay manana fomahitsy Aminy" (2 Tantara 16:9).

"Nanao antoka ny voninahitry ny seza fiandrianany ho fahatanterahana ny teniny tamintsika Izy" (*Henoinareo ny Fanoharana, 121*).

"Efa nomen'ny herin'Andriamanitra ho antsika ny zavatra rehetra momba ny fiainana sy ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, amin'ny fahalalana Ilay niantso antsika tamin'ny voninahiny sy ny fahatsarany ; ary izany no nahatanterahany amintsika ireo teny fikasana sady soa no lehibe indrindra, mba ho tonga mpiray amin'ny fomban'Andriamanitra amin'izany ianareo, rehefa afa-nandositra ny fahalotoana izay eo amin'izao tontolo izao noho ny filàna" (2 Pet. 1:3,  4).

"Raha ny oloko izay nantsoina amin'ny anarako ho avy hanetry tena ka hivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin'ny ratsy fanaony, dia hihaino avy any an-danitra Aho ka hamela ny helony ary hanasitrana ny taniny" (2 Tant. 7:14).

"Raha mbola afa-po amin'ny zavatra madinika ny fiangonana dia tsy mendrika ny handray ireo zava-dehiben'Andriamanitra" (*Home Missionary, Nôv. 1, 1893*).

"Mangataha ranonorana amin'i Jehovah ianareo amin'ny andro fara-orana, dia amin'i Jehovah, Izay manao ny helatra ; ranonorana mivatravatra no homeny azy, eny, samy homeny zava-maitso any an-tsaha ireny" (Zak. 10:1).

"Ny firotsahan'ny Fanahy Masina eo amin'ny fiangonana dia antenaina ho toy ny amin'ny hoavy; nefa tombontsoa ho an' ny fiangonana ny manana izany ankehitriny. Katsaho izany, mivavaha ho an'izany, minoa izany. Tsy maintsy manana izany isika, ary miandry ny hanome izany ny lanitra" *(The Review and Herald, 19 Mar. 1895).*

"Koa raha ianareo, na dia ratsy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an'ny zanakareo, tsy mainka va ny Rainareo any an-danitra no hanome ny Fanahy Masina ho an'izay mangataka Aminy ? » (Lioka 11:13).

"Hitolona amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny vavaka ve isika? Handray ny batisan'ny Fanahy Masina ve isika? Izany no ilaintsika ary mety ananantsika amin'izao fotoana izao. . . . Raha miara-mandeha amim-panetren-tena amin'Andriamanitra isika dia hiara-handeha amintsika Izy" *(Prayer, p. 87).*

« Ary raha misy roa aminareo MIFANAIKY ety ambonin'ny tany na amin'inona na amin'iona ka hangataka izany, DIA HO AZONY avy amin'ny Raiko Izay any an-danitra izany. Fa na aiza na aiza no iangonan'ny roa na telo amin'ny anarako, dia eo afovoany Aho" (Mat. 18:19, 20).

"Ary izao no fahasahiana ananantsika eo anatrehany: Raha mangataka zavatra araka ny sitrapony isika, dia mihaino antsika Izy" (1 Jaona 5:14).

"Izay rehetra noraisin'i Kristy tamin'Andriamanitra dia mety ho azontsika koa. Koa dia mangataha ary mandraisa. Amin'ny finoana feno faharetana nananan'i Jakôba sy amin'ny fikirizana tsy nety sasatra tao amin'i Elia, dia takio ho anao izay rehetra efa nampanantenain'Andriamanitra" (*Henoinareo ny Fanoharana, 122*).

"Ary na inona na inona no angatahinareo amin'ny fivavahana, ATAO amin'ny FINOANA, dia ho azonareo" (Mat. 21:22).

"Ny fivavahana sy ny finoana dia hanao izay tsy vitan'ny hery na inona na inona eto an-tany, hanome hery hahavita ho an'izay malemy sy tsy manan-kery" (*Tanamasoandron'ny Fahasalamana, 431*).

"Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo; ary ho vavolombeloko ianareo . . . hatramin'ny faran'ny tany" (Asan'ny Apôstôly 1:8).

"Raha mila hery ianao dia mety hanana izany; ny drafitrao ny amin'izany no andrasana. Minoa fotsiny an'Andriamanitra, raiso amin'ny Teniny Izy, ary miasà amin'ny finoana, dia ho tonga ny fitahiana " (*Prayer*, *p. 84*).

"Ao aminy no miaraka aorina koa ianareo ho fonenan'Andriamanitra amin'ny Fanahy" (Efes. 2:22).

"Tsy misy fetrany ny soa mety ho vitan'ny olona iray izay manadino ny tenany, ka manome malalaka ny Fanahy Masina hiasa amin'ny fony sy ny

fiainany voatokana tanteraka ho an'Andriamanitra" (*Christian Service, p. 254 – TMF, 122*).

"Avy amin'ny fanahy izay mahatsapa ny filàny, dia tsy misy zavatra azo hotanana. Azony atao ny manatona tsy misy fepetra an'Ilay itoeran'ny fahafenoana rehetra" (*Ilay Fitiavana Mandresy, 313*).

"Ny fanatitra ho an'Andriamanitra dia fanahy torotoro ; ny fo torotoro sy mangorakoraka, Andriamanitra ô, tsy mba ataonao tsinonanao" (Sal. 51:17).

"Ny fandresena lehibe indrindra azon'ny fiangonan'i Kristy na azon'ny Kristianina tsirairay avy, dia tsy mba vokatry ny talenta na ny fitaizana, na ny harena, na ny tombontsoa avy an'ny olombelona tsy akory, fa vokatry ny fivavahana mangina izaynatao teo anatrehan'Andriamanitra, tamim-pinoana miredareda sady tsy azo hozongozonina izay mamihina mafy ny herin'ny Tsitoha" (*Patriarika sy Mpaminany, p. 198*).

"Ary ho an'Izay mahay manao mihoatra noho ny zavatra rehetra, eny mihoatra noho izay rehetra angatahintsika na heverintsika aza, araka ny HERY [heriny] izay miasa ato amintsika" (Efes. 3:20 ).

"Ny Tompo dia hanao mihoatra noho ny manatanteraka fotsiny ny zavatra ambony indrindra andrasan'ireo izay mametraka ny fitokiany Aminy" (*My Life Today, p. 55*).

"Indrisy, Jehovah Tompo! Indro Ianao no nanao ny lanitra sy ny tany tamin' ny herinao lehibe sy ny sandrinao nahinjitra. Ary tsy misy zava-mahagaga izay tsy hainao" (Jer. 32:17).

"Tsy ireo fahaiza-miasa anananao ankehitriny na mety mbola ho azonao no hanome anao fahombiazana, fa izay azon'ny Tompo atao ho anao. Tokony ho kely mihitsy ny fitokisantsika izay azon'ny olona atao, fa ny fitokisantsika izay azon'Andriamanitra atao ho an'ny fanahy mino kosa dia tokony ho be lavitra. Iriny indrindra ny hanantenanao zava-dehibe avy Aminy. " (*Henoinareo ny Fanoharana, 119*).

"Mangataha dia homena ianareo; mitadiava dia hahita ianareo; mandondòna dia hovohana ianareo" (Mat. 7:7).

"Ny fahantrantsika be dia be no any ahazoantsika mitaky ny famindram-pon'Andriamanitra. . . .Hitany [ilay Kapiteny] ny tsy fahamendrehan'ny tenany; ny fahalemeny rehetra no nentiny nitalaho. . . . Amin'izany fomba izany no ahazoan'ny mpanota rehetra manatona an'i Kristy" (*Ilay Fitiavana Mandresy, 333*).

"Izay tsy niaro ny Zanani-lahy, fa natolony hamonjy antsika rehetra Izy, tsy homeny antsika miaraka aminy maimaimpoana koa va ny zavatra rehetra?" (Rom. 8:32).

"Andriamanitra tsy mba olona ka handainga, na zanak'olombelona ka hanenina. Moa efa nilaza va Izy ka tsy hefainy ? Nea efa niteny va Izy ka tsy ho toviny ? (Nom. 23:19).

"Minoa fotsiny ary miderà an'Andriamanitra dia mandrosoa. Efa ho tonga ao an-trano isika. . . . Apetraho manontolo eo amin'ny teny fikasan' Andriamanitra ny entanao. Ny finoana izany no tombontsoa ho anao izay mino" (*Letter 31, 1 Jan. 1887*).

"Fa isaorana anie Andriamanitra, Izay manome antsika ny fandresena amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika" (1 Kor. 15:57).

"Jehovah ô, aza izahay, aza izahay no omena voninahitra fa ny anaranao ihany noho ny famindram-ponao sy ny fahamarinanao" (Sal. 115:1).